Dr Rakotonoely Domoina

Ireo tranga mety hiseho amin'ny olombelona aorian'ny fanaovana vaksiny Janssen

Tokony hanatona mpitsabo avy hatrany ny olona iray rehefa mahatsapa tranga hafahafa amin'ny vatany (Effet indésirable), aorian'ny 3 andro nanaovana vaksiny "Janssen", izay vokarin'ny "Laboratoire Johnson Johnson", hoy ny Dokotera Rakotonoely Domoina, mpitsabo etsy amin'ny totohabaton'Ambondrona. Nanohy fanazavana ity farany, fa araky ny fanambarana nataon'ny "Agence Americaine de medicament" dia betsaka ny zava-miseho eny amin'ny vatan'ny olona aorian'ny vaksiny, ao anatin'izany ny fisian'ny marary kely eo amin'ny faritra voatsindrona; misy menamena sy mibontsina kely; mety harary an-doha sy reraka ary maloiloy aorianan'ny 3 andro, ka hatramin'ny 5 andro nanaovana ny vaksiny; mety mahatratra 39°C ny mari-pana eo amin'ny vatan'ny olona; misy "Réaction Allergie" afaka 15 ministra aorianan'ny tsindrona; mety hisy fahasemporana tampoka; mibontsina ny tarehin'ilay olona; mety ho kenda nohon'ny fivontosan'ny tenda; mety mihazakazaka ny fitempon'ny fon'ny olona ary mety ho fanina kely na maneno ny sofina, sns… Ankoatra izany, nilaza ny Dokotera Rakotonoely Domoina, fa misy aretina antsoina hoe "Syndrôme de Guillane Baré" mahazo ny olona vitsy dia vitsy araka ny fanambaran'ny "Agence Americaine de medicament" aorian'ny fanaovana vaksiny "Janssen", izany hoe aretina avy amin'ny "Nerf" na retsika izy io, izay miseho toy ny fahelemen'ny vatana, na miha-malemy ny ilan'ny vatana, indrindra any amin' ny tongotra; tsy afaka miaina tsara ilay olona; marary ny ilan'ny loha sy ny hatoka, sns… Nanohy fanazavana ity mpitsabo etsy amin'ny totohabaton'Ambondrona ity, fa tsy voafetra ihany koa ny fisian'ny trangana "Thrombose" amin'ny vatan'ny olona iray, izany hoe misy vongan-drà miseho any anatin'ny ràn'ny olona aorian'ny 13 andro nanaovana ny tsindrona ary mahafaty olona io tranga io, raha toa ka tsy hoentina any amin'ny mpitsabo haingana aorian'ny fisehony. Nilaza ny Dokotera Rakotonoely Domoina, fa tsy manakana ny hanaovan'ny olona vaksiny "Janssen" ny fisehoan'ny "Syndrôme de Guillame Baré" ary mamporisika ny olona ireo manam-pahaizana maneran-tany, mba hanatanteraka ny vaksiny ho fisorohana ny fiparitahan'ny valanaretina Coronavirus manerana an'izao tontolo izao. Namarana ny fanehoan-keviny ity Dokotera ity, fa ny mpitsabo irery ihany no mahafantatra ny zavatra tokony hatao, rehefa mitranga ireo voka-dratsy ateraky ny vaksiny ireo, ka tokony tsy ho tara ny olona hanatona toeram-pitsaboana, rehefa mahatsikaritra zavatra hafahafa aorian'ny tsindrona.

Dr Rakotonoely Domoina.

Franck Razakambelo

AFHAM Madagasikara

Nivoatra ny fari-piainan'ny vehivavy sembana tato anatin'ny 10 taona

Miisa 600 ireo vehivavy sembana manerana ny nosy mikambana ao amin' ny AFHAM: Association des femmes Handicapées à Madagascar ary nahitana fivoarana ny fidiram-bola, sy ny fiainan' ireto farany tato anatin'ny 10 taona nijoroan'ny fikambanana, nohon'ny ezak'izy ireo. Mankalaza ny faha10 taona nijoroany ny AFHAM ary nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny "Skate park" Ankadifotsy ny talata maraina teo, ireo asa vitan'ny fikambanana. Nanambara Ramatoa Razafindranto Fela filoha nasionalin'ny AFHAM, fa nahatratra 200 000 000 Ar ny teti-bola nampiasain'ny fikambanana tao anatin' ny 10 taona ary nitombo 16 ny mpanohana arabola; niparitaka any amin' ny faritra 19 amin'ny faritra 22 eto Madagasikara ny fikambanana ary nahatratra 514 ireo tetik'asa natokana ho an'ny vehivavy sembana manerana ny nosy. Miisa 2328 no isan'ny fandraisana an-tanana sy ny fanentanana natao ho an'ny vehivavy manana fahasembanana ary miisa 117 ny fiofanana sy ny fanofanana ny vehivavy sembana vitan'ny fikambanana. Nampahafantarina ny be sy ny maro ihany koa ny fandaharam-potoana hoentina hanamarihana ny fankalazana ny faha-10 taona, ka hisy ny fivorian'ny mpikambana manerana ny nosy, izay hatao etsy amin'ny efitra malalaky ny "Skate park" ny Zoma 27 Aogositra 2021 ho avy izao ary hotohizana amin' ny fifaninanana "Pentanque triplé", izay hataon'ny vehivavy semba- na etsy Anosiavaratra ny Sabotsy 28 Aogositra 2021 ho avy izao. Hisy ny hetsika dihy sy Teatra, izay hataon'ny mpikambana etsy amin'ny efitra malalaky ny PK 00 ny Alahady 29 Aogositra 2021 ho avy izao ary hotohizana amin'ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny fahasalamam-behivavy sy ny zo arak'asa ho an' ny vehivavy manana fahasembanana ao amin' ny sekoly ISTS (Institution Superieur de travail Sociale), etsy Andoharanofosty izany ny Alatsinainy 30 Aogositra 2021 ho avy izao. Ho faranana etsy amin'ny "Espace Rose" By pass ny fankalazana ny Talata 31 Aogositra 2021 ho avy izao. Marihina fa nandrombaka ny fifaninanana "Lauréat Prix Francophone pour l'egalité de genre XOESE" ho an'ny taona 2021 i Ramatoa Razafindranto Fela ary vola mitentina 2000 Dollar no loka azo tamin' izany, miaraka amin'ny fahazoan-dalàna mampahafantatra ny asa vitan'ny fikambanana any amin'ireo haino aman-jery iraisampirenena manerana an'i Afrika.

Hetsika nataon'ny AFHAM.

Franck Razakambelo

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao:
Inspecteur de police frantsay efa retraité, no sady tsy mahay teny malagasy dia atao ministry ny raharahambahiny, taratry ny fiandrianampirenena anefa izany raharahambahiny izany, satria ao avokoa no ifantohan'ny vahiny rehetra mivoaka sy miditra eto , tena efa ataon'ny fitondrana Rajoelina tsinontsinona mihitsy ilay firenena. Tsy misy malagasy Ray sy reny mahay ve eto? eritrereto hoe Macron hitady ministra dia Inspecteur de Police gasy no sady tsy mahay teny frantsay no antsoiny. Teto Madagasikara mbola tsy nisy filohampirenena nanao ministra vahiny izany raha tsy ity filoha Rajoelina ity , mahaontsa, zao ve sisa no iafaran'ilay Madagasikara vao ny Zaza saina no mitondra.

Ange Gabriel Razafinjatovo
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

Taorian'ny fandaharana manokan'i Jessica

Nilahatra ireo mila vonjy teny Ivato

Tsy zoviana amin'ireo mila vonjy marary sy tratry ny aretina tsy fanta-pototra samihafa i Jessica 033 87 395 41, mpitsabo eny Mandrosoa Ivato. Vao enina taona monja izy dia efa nahazo fanomezam-pahasoavana natao hikarakara sy hanasoa ny mpiara-belona aminy. Nanomboka teo izy dia nikarakara ireo olona tsy salama tratry ny vorika, ny mosavy, ireo vehivavy tsy mety mahazo zaza, ireo malemy tsy mahatsangana ary mila fikarakarana haingana, ireo vehivavy momba tsy miteraka fa zavatra hafa no mivoaka avy aminy, sns… Santionany ireo raha ny nambarany, fa ny tena nahagaga sy nahatalanjona ny olona dia ireo rehetra tonga ao aminy dia fantany avy hatrany ny mahazo azy ary mahazo fahasoavana avokoa rehefa nokarakaraina. Rano manokana sy menaka nafarana avy any Inde, no hikarakarany ireo rehetra marary sy mila fitsaboana ao aminy ary miaraka amin'ny otra ihany koa. Tsy manavaka finoana ity mpitsabo ity ary tsy manana firehana, fa malalaka ho an'ny rehetra izay mila vonjy sy marary, ka te ho sitrana sy hahazo ny soa avy aminy. Mandray olona isan'andro izy ary tsy manery olona ho tonga ao aminy akory, fa malalaka tsara amin'izay safidiny ny olona. Mbola vao mainka nirohotra nankeny aminy ny olona, tao aorian'ny fandaharana nataony tamin'ny televiziôna tsy miankina iray.

Namana

Fort-Dauphin

Mandoa vola 50000 Ar isan-jaza vao afaka mianatra ireo kilonga

Sahiran-tsaina tanteraka amin'izao fotoana izao ireo ray aman-drenin'ny mpianatra any amin'ny faritra Anôsy. Tsy mahazo mianatra raha tsy mandoa sarampisoratana anarana (droit d'inscption) ireo ankizy hianatra. Manomboka amin'ny Epp, Ceg ary Lycée izany. Zava-misy, mbola asain' ireo talen-tsekoly mandoa io vola droit d'inscription 50000 Ar isan-jaza io, ireo ankizy. Ny ministra anefa efa niteny, fa tsy azo ampandoavina vola ireo Ray aman-dreny. Na eo aza izany, mbola miziriziry mampandoa vola an'ireo mampianajaza ny aty Faradofay. Tsara raha handraisana fepetra ireo tale tsy manaraka baiko ireo. Midika ho tsy fakantoavana ny baïkon'ny ministra mpiahy, sy tsy fankatoavana izao fitondrana Rajoelina izao ny zava-misy.

Marcus

Ny Lycée Fort-Dauphin.

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Feno R.

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00